Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny nahaterahan'i Jesoa

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: M. Maillot
Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.


Taloha ela be Andriamanitra dia
naniraka ny Anjely Gabriela hamangy
ankizivavy jiosy iray antsoina
hoe Maria. Ary hoy izy taminy:
"Hiteraka zazalahy ianao
ka ny anarany ataonao hoe
Jesoa. Izy ilay hantsoina hoe
Zanaky ny Avo
Indrindra. Ary
ny fanjakany
tsy hanam-
pahataperana".

"Ahoana re no hahatanteraka izany e?" hoy ilay ankizivavy gaga. "Izaho mantsy tsy mbola mahalala lahy." Ny anjely namaly azy fa Andriamanitra no hametraka izany zaza izany ho ao an-kibony. Ka tsy hanana ray olombelona velively izy.

Nambaran'ilay Anjely tamin'i Maria koa fa i Elizabeta rahavaviny, eny fa na dia antitra aza,dia mitoe-jaza amin'izao fotoana izao. Fahagagana koa izany. Fotoana vitsy taorian'izay, Maria dia nandeha namangy an'i Elizabeta. Ary dia niara nisaotra an'Andriamanitra izy ireo.



Maria dia fofombadin'i Josefa. Hany ka nalahelo Josefa raha nahafantatra fa bevohoka i Maria. Nihevitra izy mantsy fa misy lehilahy hafa miaraka amin'i Maria any, rain'io zaza ao an-kibony io.



Ny anjelin'Andriamanitra dia nanambara tamin'i Josefa tao amin'ny nofy fa ny zazakely dia Zanak'Andriamanitra. Tokony hanampy an'i Maria hikarakara sy hitaiza an'i Jesoa izy noho izany.

Natoky an'Andriamanitra Josefa ka dia nanaraka ny teniny. Nanaja ny lalàna misy eo amin'ny fireneny koa izy.



Araka ny didim-panjakana iray vao nivoaka mantsy, dia tsy maintsy niverina tany amin'ny tanàna nihaviany, any Bethlehema, Josefa sy Maria mba hosoratana



amin'ny fandoavan-ketra.

Efa nihetsi-jaza i Maria. Saingy tsy nahita efi-trano hivantanana mihintsy i Josefa. Feno daholo ny trano fandraisam-bahiny tao an-tanàna.

Tranon'omby no hany hitan'i Josefa. Ary dia tao Jesoa no teraka. Nampandrian'ny reniny tao anaty fihinanam-bilona izy, toerana izay natokana hametrahana ny sakafo ho an'ny biby.



Tsy lavitra teo dia nisy mpiandry ondry niandry ny ondriny. Niseho tamin'izy ireo ilay anjelin'Andriamanitra ka niteny taminy fa hilaza vaovao mahafaly amin'izy ireo izy.

"Fa mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tananan'i Davida. Dia Kristy Tompo. Ny zazakely dia ho hitanareo mandry eo

am-pihinanam-bilona".

Tampoka teo nisy Anjely maro be niseho ka nidera an'Andriamanitra nanao hoe:

"Voninahitra ho any amin'ny avo indrindra
ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana
ety ambonin'ny tany ho



amin'ny olona
ankasitrahany."

Ary ny mpiandry ondry dia nandeha faingana, nitady ilay tranon'omby. Ary nony efa hitany ilay Zazakely, dia nitantara tamin'ny olona rehetra ny teny nolazain'i anjely taminy momba an'i Jesoa izy.

Nony afaka efapolo andro, dia nentin'i Josefa sy Maria tao an-tempoly tao Jerosalema i Jesoa. Nisy lahiantitra iray antsoina hoe Simeona tao, nankalaza sy nidera an'Andriamanitra noho ny amin'ilay Zaza.



Ary i Ana, ilay mpanompovavin'Andriamanitra kosa nisaotra azy. Izy roa ireo dia samy nahalala fa i Jesoa no Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy efa nampanantenaina hatrizay. Nanolotra domoina roa i Josefa hatao fanatitra.

Izany dia
voadidin'ny
lalàn'Andriamanitra,
haterin'ny olona
mahantra rehetra,
rehefa hanolotra
ny zanany ho
an'Andriamanitra
izy ireo.

Tato aoriana
kely, nisy
kintana hafa
kely avy any
atsinanana,



nitarika ny
olon-kendry ho ao Jerosalema.
Nanontany ny olona izy ireo hoe:
"Aiza no teraka ny Mpanjakan'i
Jiosy? Fa tonga hiankohoka eo
anatrehany izahay."

Nony nandre izany ny mpanjaka Heroda, dia nangorohoro ka nampaka ny olon-kendry ary nilaza taminy fa rehefa mahita an'i Jesoa izy ireo, dia mba ambarao aminy.
"Mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany" hoy izy. Saingy nandainga i Heroda.
Hamono an'i Jesoa no tetiny.



Ary ny kintana nitarika ny Magy ho ao amin'ny trano nitoeran'i Maria, Josefa ary Jesoa. Nandohalika sy niankohoka teo anatrehan'i Jesoa ireto vahiny ary nanolotra fanomezana volamena sy zava-manitra sarobidy ho Azy.

Natoron'Andriamanitra hevitra ireo olon-kendry handeha mangingina rehefa hiverina hody any aminy. Tezitra mafy i Heroda noho izany.

Ary satria efa nivonona ny hamono an'i Jesoa izy, dia nanome baiko ny hamonoana ny zazalahy rehetra roa taona no midina tao Bethlehema.

Saingy tsy afaka nanisy ratsy ny Zanak'Andiamanitra i Heroda!
Natoron'Andriamanitra hevitra tamin'ny alalan'ny nofy i Josefa, mba hitondra an'i Maria sy Jesoa hiafina any Egypta.

Rehefa maty i
Heroda, dia nentin'i
Josefa niala tany
Egypta i Maria sy
Jesoa.

Nonina tao
amin'ny tanàna kely
atao hoe Nazareta izy ireo,
tao amoron'ny Ranomasin'i Galilea.

Ny nahaterahan'i Jesoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 1-2, Lioka 1-2

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130


Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16